# FANDAMINANA

« Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampia-narana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra. » (2 Timoty 3:16-17)

# TOERAM-PANOFANANA

| FARITANY | Favan ** | Favats | Fafan | Fafats | Fatsan | Fatsats |
|---|---|---|---|---|---|---|
| TOERANA | Amiens ? | Nancy | Tours | Paris | Toulouse | Lyon/Aix |

# Fanazavana 1

- Hatao amin'ny toerana elanelany ho an'ny maro ao amin'ny Faritany (ohatra : Nancy raha Favats, Amiens raha Favan, Toulouse raha Fatsan, Paris raha Fafats, Tours raha Fafan, Fatsats efa miodina Lyon sy Aix-Marseille)
- Ny tarehimarika dia miainga avy amin'ny vinavina ny hanaovana fiofanana (maraina sy hariva) indray Asabotsy isam-bolana mandritra ny 10 volana hanafarana mpampianatra roa mankany any amin'ny toeram-panofanana isam-paritany.
- Ny faniriana dia ny hanombohana izany amin'ny volana Mey na Jona (1er semestre 2017), ka ny enti-manana avy amin'ny Budget Nasionaly 1000 € no entina hanatanterahana izany fiofanana fanombohana izany.

# VINAVINA ENTI-MANANA

| Saran-dalana isaky ny Mpampio-fana | Kilao isaky ny Mpampio-fana | Totaly Entimanana isaky ny Mpampio-fana | Totaly Entimanana mpampio-fana roa / Isam-Paritany / Isam-Bolana | Entimanana Isam-Paritany mandritra ny 10 Volana | Totalim-be Nasionaly Faritany Enina (6) |
|---|---|---|---|---|---|
| 100€ | 50€ | 150€ | 300€ | 3000€ | 18000€ |

# Fanazavana 2

- Asabotsy iray isam-bolana isam-paritany misy lesona roa: iray maraina, iray hariva. Mandrita ny 10 volana isam-paritany. Mpampianatra roa izany no tonga isam-bolana .
- Ny vinavina entimanana dia toy izao araka io fandaminana io : Sarandasy Mpampianatra 2 (100 € / prof soit 200 €) + Kilao Mpampianatra roa (50 € / prof soit 100 €). Izany hoe : 300 € isam-bolana ka mitentina 3000 € ny entimanana ilaina amin'ny taom-pianarana iray (10 volana) isaky ny Faritany. . Ary ho an'ny Faritany 6 dia mitentina ho 3000 x 6 = 18000 € isan-taona ny totaly beny. .
- Raha 10 isam-paritany ny mpianatra ohatra i. e. 60 mpianatra eran'ny FPMA, dia mila mandoa saram-pianarana 300 € isan-taona ny mpianatra iray. Manantena kosa isika fa mba hihaotra ny 10 isam-paritany ny isan’ny Mpiofana.

# ISAN'NY MPIOFANA SY SARAM-PIANARANA

| Vinavina Isan'ny Mpiofana /Faritany | Vinavina totalin'ny isan'ny mpiofana Faritany 6 | Vinavina Saram-pianarana isan - taona /mpiofana |
|---|---|---|
| 10€ | 60€ | 300€ |

# Fanazavana 3

- Mba hampihena izany dia afaka manao ezaka ny Faritany tsirairay (2000 € ohatra ny an'ny Fatsats ary lasa 50 € isantaona ny saram-pianarana satria nihoatra ny 10 ny mpianatra tao amin'ny Faritany) .
- Miampy ligne budgétaire kitapo iombonana ( 1000 € amin'ity taona 2017 ity. Azo hampitomboana ny amin'ny Budget 2018 ohatra) .
- Miampy subventions na fanampiana avy amin'ny vodrom-piangonana na fikambanana samihafa (mandeha miandalana).
- Miampy « souscription nationale » azo hatao manokana ho an'ity « formation permanente » ity.
- Kendrena mba tsy ho lafo loatra sy mitovy daholo ny saram-pianarana ho an'ny mpiofana tsirairay (péréquation)

Mikasa isika fa ny Tompo manatanteraka araka ny sitrapony. Koa aoka hitrotro am-bavaka izao fikasàna izao isika.

« Ankino amin'i Jehovah ny asanao, Dia ho lavorary izay kasainao. » (Ohabolana 16:3)